DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO:

Andininy voalohany.- Mitsangana eto amin'ny Kaominina ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha na Structure Locale de Concertation (SLC) manomboka ny datin'izao Didim-pitondrana izao.

Andininy 2.- Ferana ho Sivy amby telompolo (39) ny isan'ny Mpikambana ao anatin'io Rafitra Ifotony Fikaonan-doha io, solontena avy amin'ny kolejy miisa Telo ambin'ny folo (13) izay lazaina manaraka ireto ny Kôlejy misy sy ny isan'ny solontenany tsirairay avy, kà tafiditra ao anatin'izany ireo solontenam-pokontany mpikambana avy hatrany araky ny Andininy faha 9 amin'ny Didim-panjakana fampiharana laharana faha 2015- 957 :

KOLEJY	Isan'ny Solontena
1. Mpanatanteraka	Telo (03)
2. Mpanolo-tsaina	ROA (02)
3. Sampandraharaham-panjakana	EFATRA (04)
4. Vondron'ny mpanao politika	ROA (02)
5. Fanabeazana	TELO (03)
6. Fikambanam-behivavy	TELO (03)
7. Fikambanana tanora sy fanatanjahantena	ROA (02)
8. Fahasalamana	TELO (03)
9. Mpandraharaha ara-toekarena	ROA (02)
10. Fikambanan'ny olobe sy ny Raiamandreny To-teny	TELO (03)
11. Vndrona ara-pinoana sy fivavahana	ROA (02)
12. Lehiben'ny Fokontany	FITO (07)
13. Vondron'ny Hazomanga sy ny Tranobe	TELO (03)
14.	

Andininy 3.- Ny fomba fandaminana, ny fomba fiasa ary ny fampandehanana ny SLC dia voarakitra ao anatin'ny fitsipika anatiny, izay ahazoana fankatoavana eo amin'ny mpikambana, amin'ny fotoam-pivoriana voalohan'ny SLC, mifanaraka amin'ny voalazan'ny didim-panjakana 2015-957.

Andininy 4.- Izao didim-pitondrana izao dia manankery amin'ny vaninandro ampahafantarana azy ny besinimaro sy ny fampitàna amin'ny Solontenam-panjakana.

Andininy 5.- Foana ary tsy manankery intsony ireo fepetra rehetra mifanohitra amin'izao didim-pitondrana izao izay raketina an-tsoratra.

Natao tao Tanamarina ny 06 Jolay 2026

Ny Ben'ny Tànàna, LE MAIRE

COMMUNE RURALE TANAMARINA BEKISOPA

RALAHIRAVO Arinosy